1er PV
CRA no 58.1

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

ASSEMBLEE NATIONALE
ANTENIMIERAMPIRENENA

REPOBLIKA FAHAEFATRA

FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHATELO

FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2025

---

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

# FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-58.1

**FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA NY VOLAVOLAM-PANDAHARAM-POTOANAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA, MANOMBOKA NY ALAKAMISY 13 NOVAMBRA 2025 KA HATRAMIN'NY ALAROBIA 26 NOVAMBRA 2025**

Fivoriana Fahafito
Natao ny
Zoma 14 Novambra **2025**
- Tolak'andro -

# FIVORIAMBE

**FILOHA**: Andriamatoa RALAMBOZAFIMBOLOLONA Razafitsimialona Andriantsivoafetra

**MPITANTSORATRA**: Andriamatoa isany : - TSARADIA Marco
- IBRAHIM Issa Charles

**FOTOANA**: Zoma 14 Novambra 2025, tamin'ny 3 ora sy 10 minitra, tolak'andro.

**FANDAHARAM-POTOANA**: Fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Volavolam-pandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena, manomboka ny Alakamisy 13 Novambra 2025 ka hatramin'ny Alarobia 26 Novambra 2025.

Nitohy ny Zoma 14 Novambra 2025 tamin'ny 3 ora sy 20 minitra, tolak'andro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Andriamatoa RALAMBOZAFIMBOLOLONA Razafitsimialona Andriantsivoafetra, Filoha Lefitra misahana ny Faritanin'Antananarivo no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika fivoriana dia niangavy ny Mpitantsoratra mba hanao ny fiantsoana anarana.

Andriamatoa TSARADIA Marco no nanatontosa izany.

Nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, taorian'izay ary mbola niangavy indray ny Mpitantsoratra hamaky ny famintinana ny fivorian'ny «Conférence des Présidents».

Andriamatoa TSARADIA Marco no nanatanteraka izany, ka toy izao no fivakiny:

FAMINTINANA NY FIVORIAN'NY "CONFERENCE DES PRESIDENTS" NATAO NY ZOMA 14 NOVAMBRA 2025.

Nivory ny Zoma 14 Novambra 2025, nanomboka tamin'ny 10 ora, maraina, ny «Conférence des Présidents».

Andriamatoa RALAMBOZAFIMBOLOLONA Razafitsimialona Andriantsivoafetra, Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo mpikambana ao amin'ny "Conférence des Présidents" sy ny solotenan'ny Governemanta tonga nanatrika izany (cf fiche de présence).

Fiarahabana sy fialan-tsiny avy tamin'Andriamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena no nanombohany ny fitenenana.

Nohazavainy avy eo ny Volavolam-pandaharam-potoana tapaky ny Birao Maharitra tamin'ny fivorian'izy ireo ny Alakamisy faha-13 Novambra 2025, tamin'ny 11 ora, atoandro.

Taorian'izay dia niroso avy hatrany tamin'ny adihevitra ny mpivory ka nisy ireo fanitsiana nentina tamin'izany.

Tapaky ny "Conférence des Présidents" koa fa haverina any amin'ny Governemanta vaovao misy amin'izao fotoana izao ireo Tolo-dalàna eto am-pelan-tànan'ny Antenimierampirenena hakana ny fanamarihana (observations) avy any aminy.

Nolanian'ny « Conférences des Présidents » ary ny volavolam-pandaharam-potoana manomboka ny Alakamisy faha-13 Novambra 2025 ka hatramin'ny Alarobia faha-26 Novambra 2025 ary hoentina eo anivon'ny fivoriambe ny Zoma faha-14 Novambra 2025 amin'ny 3 ora, tolak'andro, handraisana fanapahan-kevitra farany.

(vakiana ny tovana)

**ORDRE DU JOUR**

pour la période du **Jeudi 13 novembre 2025** au **Mercredi 26 novembre 2025**

**JEUDI 13 NOVEMBRE 2025**

11H 30 : Réunion des membres du Bureau Permanent - *(Salle BP)*

**VENDREDI 14 NOVEMBRE 2025**

10H 00 : Conférence des Présidents - (*Salle B.P)*

15H 00 : SEANCE PLENIERE - (*Salle des Séances)*

**Adoption de l'Ordre du jour**

**LUNDI 17 NOVEMBRE 2025**

09H 00 : COMMISSION PLENIERE **- (*Salle des séances)***

**Rencontre avec les Professionnels de Santé HANOVA (P.S.H) et TRIADE Syndical**

14H 30 : **Rencontre avec les Ministres :**

**- des Travaux Publics ;**
**- de la Santé Publique ;**
**- de l'Education Nationale ;**
**- de l'Energie et des Hydrocarbures ;**
**- de l'Eau, de l'Assainissement et de l'Hygiène ;**
**- de l'Intérieur et de la Décentralisation**

**MARDI 18 NOVEMBRE 2025**

10H 00 : SEANCE PLENIERE - (*Salle des Séances)*

**- Présentation du Programme de mise en œuvre de la Politique Générale de l'Etat (PGE-R) par Monsieur le Premier Ministre, Chef du Gouvernement.**

17H 00 : TRAVAUX DE COMMISSION **-** (S*alle BP)*

**- Désignations des membres suivies des travaux de la Commission de mise en accusation devant la Haute Cour de Justice**

**MERCREDI 19 NOVEMBRE 2025**

10H 00 : SEANCE PLENIERE - (*Salle des Séances)*

- **Présentation du Projet de loi n°015/2025 du 29 Octobre 2025 portant Loi de Finances Initiale pour 2026 par Monsieur le Ministre des Finances et de l'Economie.**

15H 00 : TRAVAUX DES COMMISSIONS - (S*alle BP)*

**- Commission Finances et de l'Economie - (***Saisie au fond)*
**- Commission d'Evaluations des Politiques Publiques -** *(Saisie pour avis)*
**- Commission Juridique** - *(Saisie pour avis)*

- **Projet de loi n°015/2025 du 29 Octobre 2025 portant Loi de Finances pour 2026**

**JEUDI 20 NOVEMBRE 2025 et VENDREDI 21 NOVEMBRE 2025**

09H 00 et 15H 00 : TRAVAUX DES COMMISSIONS - (S*alle BP)*

**- Commission Finances et de l'Economie - (***Saisie au fond)*
**- Commission d'Evaluations des Politiques Publiques -** *(Saisie pour avis)*
**- Commission Juridique** - *(Saisie pour avis)*

- **Projet de loi n°015/2025 du 29 Octobre 2025 portant Loi de Finances pour 2026**

**LUNDI 24 NOVEMBRE 2025** et **MARDI 25 NOVEMBRE 2025**

09H 00 et 15H 00 : SEANCE PLENIERE - (*Salle des Séances)*

- **Projet de loi n°015/2025 du 29 Octobre 2025 portant Loi de Finances pour 2026**

**MERCREDI 26 NOVEMBRE 2025**

10H 00 : Réunion des membres du Bureau Permanent - *(Salle BP)*

**TOVANA**

**MEMBRES DU BUREAU PERMANENT**

| N° d'ordre | NOMS ET PRENOMS | FONCTION |
|---|---|---|
| 01 | RALAMBOZAFIMBOLOLONA Razafitsimialona Andriatsivoafetra | Vice-Président |
| 02 | TSARADIA Marco | Vice-Président |
| 03 | IBRAHIM Issa Charles | Vice-Président |
| 04 | MILAVONJY Andriasy Philobert | Vice-Président |
| 05 | MAMIHAJA Charlot | Troisième-Questeur |
| 06 | RAHARIMANARIVO Voahanginiaina B | Rapporteur Général-Adjoint |

**PRESIDENTS DES COMMISSIONS**

| **N° d'ordre** | **Commissions** | **Noms & Prénoms** |
|---|---|---|
| **01** | Commission de la Défense Nationale | **IMBIKY Herilaza** |
| **02** | Commission Juridique | **RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle** |
| **03** | Commission de la Décentralisation et de l'Aménagement du Territoire | **RAJOELINA A Seth** |
| **04** | Commission de l'Economie et des Finances | **RAZAFIMAHEFA Tianarivelo E** |
| **05** | Commission de l'Industrialisation | **NOURDINE Chabani** |
| **06** | Commission de l'Enseignement Supérieur et de la Recherche Scientifique | **Pr RAZAFIARISON Andriamanantena** |
| **07** | Commission de la Santé Publique et du Planning Familial | **Dr RAJAOBELINA Lova Herizo** |
| **08** | Commission de la Population et de la Solidarité | **BAVY Angelica** |
| **09** | Commission du Développement Numérique, des Postes et des Télécommunication | **RAMANAJARASOA Clarisse Eugénie** |
| **10** | Commission des Transports et de la Météorologie | **RAZAFITSIALA Velomanana Solomampionona** |
| **11** | Commission des Mines | **RATSIMANDRIONA Aida Hardy** |
| **12** | Commission du Commerce | **RANDRIAMANATENA Stipio** |

**REPRESENTANT DE GROUPE PARLEMENTAIRE**

| **N° d'ordre** | **GROUPE PARLEMENTAIRE** | **Noms & Prénoms** |
|---|---|---|
| **01** | **IRMAR** | **RESAMPA R. André Hajaharimalala Organès** |

**Représentants du Gouvernement**

- RAJAONESY David, Directeur des Etudes - Primature
- ANITTA Léonce, SRI Primature

Rehefa izany, nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana fa hiroso amin'ny fanitsiana na fanamarihana momba ny volavolam-pandaharam-potoana ny mpivory ka nomena fitenenana ny Solombavambahoaka.

Nanao fanamarihana avy hatrany, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa amin'ny pejy voalohany, « paragraphe 7, fanamarihana no izy fa tsy fanamarinana.
Nahitsiny koa fa tsy voasoratra ao anatin'ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra ny anaran'Andrimatoa TSARADIA Marco kanefa tonga nivory ny tenany.

Tsy nisy nanana fanamarihana intsony, ka niditra tamin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa ROCHELIN Houssen, nanontany fa fandaniana ny Volavolan-dalàna mikasika ny Tetibolam-panjakana ve no hatao amin'ny Alatsinainy 24 Novambra 2025 sy ny Talata 25 Novambra 2025, sa adihevitra ihany.

Namaly Andrimatoa TSARADIA Marco, fa rehefa vita ny asam-baomiera mikasika ny volavolan-dalàna dia hoentina eto anivon'ny fivoriambe mba hodinihana sy handraisana fanapahan-kevitra. Omena roa andro koa ny Solombavambahoaka amin'ny fivoriambe hatao mba hahafahany manao fanamarihana na fanovàna.
Raha ohatra ka lany ny Alatsinainy faha-24 Novambra 2025 ny Volavolan-dalàna, tsy mitohy ny Talata faha-25 Novambra 2025 intsony ny asa. Raha mbola tsy lany, mitohy ny Talata indray ny fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolan-dalàna mikasika ny tetibolam-panjakana.

Nanao satroka, Andriamatoa RAKOTOMALALA Miarintsoa, nambarany fa misy boky avy tamin'ny MMI na ny Mpanabe Manova eny Ifotony eo am-pelan-tànany, izay natolotry ny solotenan'ny sendikàn'ny mpampianatra. Voarakitra ao anatin'izany ny tolo-kevitra avy amin'izy ireo, ka niangaviany ny hanaovana dika mitovy ny boky ary hozaraina amin'ny Solombavambahoaka rehetra izany raha azo atao.

Nanao satroka ihany koa, Andriamatoa RAZAFIMAHEFA Tianarivelo Edouard, nanontany raha Tolo-dalàna no nomeny na tsia. Tafiditra ao anatin'izay boky izay daholo ve ny sendikàn'ny mpanabe rehetra ao amin'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena sa tsia. Tokony hampanantsoina eto amintsika izy rehetra mba hihainona ny fitarainany mitovy tamin'ny nataon'ny sendikà hafa efa nandalo teto.

Namaly, Andriamatoa TSARADIA Marco, fa tsy Tolo-dalàna no natolotr'izy ireo, fa filazana ny vahaolana avy amin'ny mpanabe tahaka ny nataon'ny « Gen Z » sy ny sendikàn'ny mpiasan'ny JIRAMA teto amintsika.

Nandray fitenenana, Andriamatoa RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol, ka nanontany ny fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena amin'ny Talata faha-18 Novambra 2025 amin'ny 5 ora, hariva, mikasika ny fanendrena ny mpikambana ao amin'ny Vaomiera manokana misahana ny fiampangana manoloana ny Fitsarana Avo na ny HCJ. Iza avy no Solombavambahoaka afaka manatrika an'io asam-baomiera io.

Namaly Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa araka ny tapaka tany amin'ny «Conférence des Présidents» ny maraina teo, novaina ny firafitry ny Vondrona Parlemantera ato amin'ny Antenimierampirenena taorian'ny fanovàna nisy teto amin'ny firenena.
Nangataka tamin'Andriamatoa Sekretera Jeneraly isika mba hampafantatra hoe inona daholo no voalazan'ny rijan-teny mikasika ny Solombavambahoaka amin'ny fisoloana tena ny Vondrona Parlemantera hiatrika asam-baomiera.
Manana fanamarihana koa Andriamatoa TSARADIA Marco, ka omena azy ny fitenenana.

Nambarany fa efa voafidy ny Filohan'io «Commission" io saingy ny mpikambana handrafitra azy no mbola tsy voatendry.
Ny fanendrena ny Solombavambahoaka ho mpikambana ao anatiny dia ny Vondrona Parlemantera tsirairay no manao izany ary efa misy isa faritan'ny lalàna mifanaraka amin'izany toerana izany koa. Ny Alatsinainy na Talata ho avy izao no hanomezan'ny Fitsarana Avo momba Lalàmpanorenana «avis» mikasika io Vaomiera io, ka aorian'izay vao afaka miroso amin'ny fanendrena izay mpikambana handrafitra azy ny Vondrona Parlemantera izay misy ato amintsika.

Andriamatoa RAZAFIHARISON Andriamanantena kosa nanontany ny sata mifehy ny Vondrona Parlemantera «non affiliés» amin'izao fotoana izao.
Nomarihany fa maro ireo sindikà tonga mitady vahaolana eto Antenimierampirenena ka tokony tsy hohamaivanina izy ireny. Aleo henoina ny hetahetany, ka izay azo ampidirina ao amin'ny LFI dia ampidirina alohan'ny handaniana azy.

Ramatoa RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle kosa nanambara fa roa andro no fotoana omena ny Vaomieran'ny Vola sy ny Tetibola handinihana ny volavolan-dalàna mikasika ny Tetibolam-panjakana 2026 na ny « LFI pour 2026 ». Raha misy fangatahana tonga ato amin'ny Antenimierampirenena, ny Solombavambahoaka rehetra no hanapaka azy. Raha tsy lany any amin'ny asam-baomiera izany, mbola manana roa andro hafa koa ny fivoriambe hiarahana amin'Andriamatoa Minisitry ny Fitantanam-bola sy ny Toekarena, hafahafana mandinika izany alohan'ny handraisana fanapahan-kevitra farany. Noho izany, tokony ho avy daholo izay manana fitakiana na fangatahana mba hahazoana mandray ny sosokevitra na fanamarihana tiany hatao.

Nanontaniany koa raha afaka miroso avy hatrany amin'ny fandaharam-potoana manaraka izay tokony hatao ny Zoma 28 Novambra 2025 aorian'ny «Conférence des Présidents» hotanterahina ny Alarobia 26 Novambra 2025 ny Antenimierampirenena. Ny antony, sao ho tara ny handinihana ireo Tolo-dalàna efa vonona izay miandry ny Solombavambahoaka.

Nanao satroka, Andriamatoa TSARADIA Marco namaly an-dRamatoa Solombavambahoaka, fa telo andro no fotoana anaovana ny asam-baomiera, roa andro hafa kosa no handinihana sy handraisana fahapapahan-kevitra mikasika ny "LFI pour 2026".
Nambarany koa fa rehefa vita ny fivorian'ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra hatao ny Alarobia 26 Novambra 2025, maraina; ny tolak'andron'io, hisy ny «Conférence des Présidents». Fanampin'izay, ny Alakamisy 27 Novambra 2025, mandray fanapahan-kevitra mikasika ny Volavolam-pandaharam-potoana ary afaka miroso amin'ny fandaharam-potoana manaraka tokony hatao ny Zoma 28 Novambra 2025 ny Antenimierampirenena.

Nomarihany koa, ho an'ny mpanao gazety, efa tamin'ny 30 Oktobra 2025 no voarain'ny Solombavambahoaka ny boky rehetra mikasika ny tetibolam-panjakana, taona 2026. Noho izany, ampy ny fotoana tokony nandinihan'izy ireo izany.

Nandray fitenenana indray, Andriamatoa RAZAFIHARISON Andriamanantena ary nanamafy ny fanontaniana napetrany mikasika ny sata mifehy ny Vondrona Parlemantera vaovao, indrindra ny ho an'ny Solombavambahoaka «non affiliés», satria mbola tsy voavaly izany.

Namaly, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, taorian'izay, fa tsy mbola eo am-pelan-tànany ny valin-teny mikasika ny firafitry ny Vondrona Parlemantera amin'ny endriny vaovao. Mbola miandry ny avy ao amin'ny Sekretera Jeneraly vao afaka manome ny isa marina momba an'izay satria niova tokoa izany araka ny voalaza teo.

Nanamafy Andriamatoa TSARADIA Marco, fa tsy mitovy tamin'ny teo aloha ny zava-misy amin'izao fotoana izao satria ny «non affiliés» indray lasa maro an'isa taorian'ny fanovàna nisy teto amin'ny firenena. Tranga manokana no iainana ankehitriny, ka mila fandinihana tsara alohan'ny hanatanterahana azavatra iray. Izany hoe, tsy maintsy ampifanarahana amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena ny fametrahana an'io Vaomiera io.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa RATOLOJANAHARY Arsène, nambarany fa mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fanabeazam-pirenena ny tenany.
Nomarihany fa maro ny sendikàn'ny mpiasan'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena, tsy latsaky ny 30 isa izany. Manana Vaomieran'ny Fanabeazam-pirenena ny Antenimierampirenena; raha samy hanatitra boky ato daholo izy ireny, tsy ho voafehy izany. Sosokevitra no natolony taorian'izay, milaza hoe: tokony hampanantsoina ato amin'ny Antenimierampirenena daholo ny sendikà manana fitakiana mialohan'ny handaniana ny Tetibolam-panjakana, taona 2026.

Nanao fanamarihana, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa tokony hantsoina eto tokoa ny sendikà rehetra misy ao amin'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena. Ankinina amin'Andriamatoa Sekretera Jeneraly no mandefa izany fanasana izany ary aorian'izay manatrika fivoriana daholo ny Solombavambahoaka mba hihaino sy hahafantatra ary hampahalala ny zavatra tena ainan'ny vahoaka.

Rehefa izany, nanamarika Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa tokony hifantoka amin'ny fandaharam-potoana amin'izay Solombavambahoaka satria mivaona ny resaka.

Nomena fitenenana, Ramatoa RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle, taorian'izay ary nanamarika fa araka ny voalazan'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, tokony ho 25 no isan'ny mpikambana mandrafitra an'io «Commission de mise en accusation devant la Haute Cour de la Justice» io. Izany hoe, miankina amin'ny isan'ny Solombavambahoaka ao anatin'ny Vondrona Parlemantera no isan'ny solontena tokony ho ao amin'io Vaomiera io.

Nomarihany ihany koa fa vitsy ny Solombavambahoaka tonga mivory. Efa andron'ny fanovàna amin'izao ka tokony hampiharina ny voalazan'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirena hoe: izay Solombavambahoaka ao anaty Vaomiera ka tsy manatanteraka ny andraikiny amin'ny asam-baomiera dia ampahafantarina aloha izy.

Rehefa minia tsy manaraka ny tenany dia anesorana 25% ny «indemnité de session»-ny. Mila ampiharina ny lalàna satria maty antoka izay tsy tapaka mamonjy fivoriana.

Namaly, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa tsy afaka manapaka izany ny tenany satria tsy Filohan'ny Antenimierampirenena izy. Nambarany fa hoentina eo anivon'ny fivorian'ny Birao Maharitra izany fitarainana izany mba handraisana fanapahan-kevitra.

Nandray fitenenana, Andriamatoa RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol ka nanamarika fa misy fahabangana ny toeran'ny Filohan'ny Vaomiera satria lasa mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra ny sasany amin'izao fotoana izao. Tokony hojerena ny fomba anoloana azy ireny mba hialana amin'ny tsy fahampian'isa amin'ny fotoanan'ny «Conférences des Présidents».

Namaly, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa mbola manana iray volana ivoriana ny Antenimierampirenena. Mbola hivory ny Birao Maharitra handinihana ny tokony hanatanterahana ny fifidianana hanoloana ny toerana banga.

Nanao satroka, Andriamatoa NAKANY Charly Zafimagnely, ka fisaorana no nataony tamin'ny fahamarinam-potoana nanombohan'ny fivoriambe teo.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa ANDRIAMIHAJA Fanomezantsoa Yves Georges, nambarany fa efa indroa izay no nisy «Conférence des Présidents» kanefa mbola tsy tafiditra tao anaty fandaharam-potoana foana ny Tolo-dalàna natolony izay miisa roa.

Nomena fitenenana hamaly ny fanontaniana, Andriamatoa TSARADIA Marco, nanambra fa araka ny voalazan-dRamatoa RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle teo, efa misy Tolo-dalàna vitsivitsy tonga ao amin'ny «Service des Commissions et des Etudes», ka vao vita ny fandaniana ny "LFI pour 2026", afaka miroso avy hatrany amin'ny fandinihana ny volavolam-pandaharam-potoana momba azy ireo ny Birao Maharitra. Amin'ny Volavolam-pandaharam-potoana manaraka no hampidirana azy satria mbola manana iray volana hivoriana ny Solombavambahoaka.

Rehefa tsy nisy nanan-kolazaina intsony, nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Volavolam-pandaharam-potoana ny mpivory.
Nomarihany fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'izany.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 23 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany tsy nasiam-panitsina sy tsy nasiam-panovàna ny fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Alakamisy faha-13 Novambra 2025 ka hatramin'ny Alarobia faha-26 Novambra 2025.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana ny tenany; koa ny Alatsinainy faha-17 Novambra 2025, amin'ny 9 ora, maraina, hisy «Commission Plénière» hatao ato amin'ny «Salle des Séances»; "Rencontre avec les Professionnels de Santé HANOVA (P.S.H) et TRIADE Syndical" izay no anton'ny fivoriana.

Amin'ny 2 ora sy 30 minitra, tolak'andro, hisy koa «Rencontre avec les Ministres»:
- « des Travaux Publics »;
- « de la Santé Publique »;
- « de l'Education Nationale »;
- « de l'Energie et des Hydrocarbures »;
- « de l'Eau, de l'Assainissement et de l'Hygiène »;
- « de l'Intérieur et de la Décentralisation».

Nanentana ny Solombavambahoaka mba havitrika hiatrika ny fivoriana ny tenany, taorian'izay.

Niato tamin'ny 4 ora sy 20 minitra, tolak'andro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika fivoriana.

**NY FILOHA**

**RANDRIANASOLONIAIKO Siteny Thierry**